



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-248

TATITRA NATAON'NY MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

Fivoriana faha-9
Natao ny
Alarobia 24 may 2023
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

MPITANTSORATRA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA: Alarobia 24 May 2023, tamin'ny 3 ora sy 40 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Tatitra nataon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny

Nitohy ny fivorian'ny Antenimierampirenena ny Alarobia 24 May 2023, tamin'ny 3 ora sy 40 minitra, hariva. Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha, niangavy ny mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha, dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana izay voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana ny Minisitry ny Raharaham-bahiny mba ahafahany manao ny tatitry ny asa vitany.

**TATITRA ATAON'NY MINISITRY NY RAHARAHAM-BAHINY EO ANATREHAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA**

SASIN-TENY FAMPIDIRANA

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena hajaina,

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta,

Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena,

Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoakan'i Madagasikara hajaina isany,

Ianareo mpikambana rehetra ao amin'ny Governemanta,

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Voninahitra ho ahy ny mijoro eto anoloanareo manao izao tatitra izao mahakasika ny zava-bita eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny nandritra ny taona 2022-2023, mifandray amin'ireo tanjona napetraka, ny politika ankapoben'ny Fanjakana izay manome lanja ny diplomasia ara-toekarena.

Izany dia miompana amin'ny:

- Fiarovana ny tombontsoa ambonin'ny Firenena,

- Fanandratana ny voninahitr'i Madagasikara,

- Fanamafisana orina ny anjara toerany eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Ny zava-bita azo tsapain-tanana sy sitrahana avy hatrany no andeha ho jerena sy hatao tatitra:

NY ENDRIKY NY FIARAHA-MIASA EO AMIN'I MADAGASIKARA SY IREO FIRENENA MPIARAMIOMBON'ANTOKA AMINY:

Miompana hatrany amin'ny fanamafisana orina ny fiaraha-miasa ary mikendry lalandava vokatra mivaingana mifanaraka amin'ny tombontsoan'ny roa tonta ny Diplomasia Malagasy, azo singaniana amin'izany ireto manaraka ireto:

○ **Misy ireo Fifanarahana samihafa vita Sonia na koa efa tanteraka:**

● **MIARAKA AMIN'NY GOVERNEMANTA SINOA:**

- Ny lalana RN5a (Ambilobe-Vohemar) izay efa notokanana ny volana Septambra 2022;

- Ny lalana mampitohy ny renivohitra amin'ny toerana famokarana ireo atody ("route des œufs"), vita ny volana Janoary 2022 (fanomezana tsy misy tambiny);

- Mitohy koa ny fiaraha-miasa amin'ny governemanta sinoa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana, amin'ny alalan'ny fandefasana mpitsabo milatsaka an-tsitrabo eto Madagasikara efa ho 51 taona lasa izay; izy ireo dia miasa amin'ny toeram-pitsaboana mampiasa fitsaboana moderna sy ara-pomba nentin-drazana Sinoa eto Antananarivo (Anosiala), any Ambovombe, any Sambava ary any Vatomandry; **Velirano faha-5.**

- Fanaovan-tsonia ny fifanarahana lasitra momba ny fanamboarana ny toby mpamokatra herin'aratra avy amin'ny riandranon'lkopa ao Ranomafana: hampitombo 60 MegaWatt ny vokatra herin'aratra hamatsy ny zotra Antananarivo Atsimo - **vita Sonia ny volana Aprily 2023; Velirano faha-2.**

- Famokarana vary safiotra ao anatin'ny fampivelarana ny haitao eo amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fikarohana, izany dia natao hahatratrarany ny fizakan-tena ara-tsakafo eto Madagasikara; Marihina fa azo atao ny mahatratra vokatra manodidina ny 7 ka hatramin'ny 12 taonina isaky ny hektara amin'izany; **Velirano faha-9.**

- Famatsiana ara-pitaovana sy fanofanana ireo atleta Malagasy any Sina hiatrika ny lalaon'ny Nosy andiany faha-11 eto Madagasikara: mitentina 15 tapitrisa Yuan RMB (2 300 000 USD na 11 milliara Ariary); **Velirano faha-13.**

● **MIARAKA AMIN'NY GOVERNAMANTA JAPONEY**

- Tetikasa fampivelarana sy fampitaovana ny famokarana masomboly vary, **vita Sonia ny Oktobra 2022** (fanomezana tsy misy tambiny); **Velirano faha-9.**

- Fanomezana milina famokarana ara-pambolena sy zezika hikendrena indrindra ny fampitomboana ny voka-pambolena (fanomezana tsy misy tambiny)-**vita Sonia ny volana Martsa 2023; Velirano faha-9.**

● **MIARAKA AMIN'NY GOVERNEMANTA KOREANA**

- Tetikasa ho fanamafisana sy fampifandraisana ny tambazotra fitaterana herinaratra eto Madagasikara (PRIRTEM), **vita Sonia ny volana Septambra 2022;** hikendrena indrindra ny fampitomboana 15 hatramin'ny 30% ny fisitranan'ny Vahoaka herinaratra hatramin'ny taona

2030 ; izany dia hisy fiantraikany amin'ny fanatsarana ny sehatra fihariana sy fandraharahana, fandriam-pahalemana, ary fitsaboana; **Velirano faha-2.**

- **MIARAKA AMIN'NY GOVERNEMANTA INDIANA:**

- Fanomezana bisikleta 15 000 (dimy arivo sy iray alina) ho an'ireo mpianatra mahafatrapo manerana an'i Madagasikara; **Velirano faha-4, sy faha-10**

- Fanomezana vary 5 000 (dimy arivo) taonina ho fanampiana ho amin'ny fanjarian-tsakafo; **Velirano faha-9.**

- **MIARAKA AMIN'NY GOVERNEMANTA ALEMANA**

- Taorian'ny fihaonana teo amin'ny roa tonta, natao tany Berlin ny 9 sy 10 may teo dia nanamafy ny fahavononany hatrany ny hanohy ny tantsoroka ho an'ny fampandrosoana an'i Madagasikara ny governemanta alemana.

Nisy tamin'izany ny fanambarana famatsiam-bola fanampiny mitentina 47 tapitrisa “euros” eo amin'ny lafiny ara-teknika sy ara-pamatsiambola mahakasika ny tetikasa ao anaty fiarahamiasa.

Izany moa dia manampy ny famatsiam-bola faobe efa mihatra mitentina 430 tapitrisa euro mahakasika ireo sehatra 4 lehibe voakasiky ny fiarahamiasa eo amin'i Madagasikara sy ny governemanta alemana: ny tontolo iainana, ny fanjarian-tsakafo, ny angovo maitso, ny fanohanana ny fanjakana tsara tantana sy ny ady amin'ny kolikoly. **Velirano faha-10, faha-9, ary faha-3.**

- Marihina fa notsindriana manokana tamin'izany ny fanohanana ny famatsiana herinaratra ny tontolo ambanivohitra, tetik'asa manan-danja tokoa izay tohanan'ny fanjakana alemana irery ihany hatreto. **Velirano faha-2.**

- **MIARAKA AMIN'NY ETAZONIA.**

- Tantsoroka faobe mitentina 130 tapitrisa dolara amerikana amin'ny sehatra:

- ✓ Fanampiana amin'ny ady amin'ny tsy fanjariantsakafo ho an'ny faritra 11 tena marefo eto Madagasikara. **Velirano faha-9.**

- ✓ Fanampiana amin'ny fahasalamana: ady amin'ny tazomoka, VIH/SIDA, fahasalaman'ny reny sy ny zaza; **Velirano faha-5.**

- ✓ Fanampiana amin'ny fiarovana ny tontolo iainana: fiarovana ny ala sy fandrakofana ala, fiarovana ireo valan-javaboahary; **Velirano faha-10.**

- ✓ Fandaharan'asa miompana amin'ny fiatrehana ny fiovaovan'ny toetr'andro. **Velirano faha-10.**

- Fandraisan'i Madagasikara anjara, amin'ny alalan'ny delegasiona notarihin'ny Filoha Andry RAJOELINA, tamin'ny fihaonana an-tampony teo amin'ny mpitondra afrikana sy ny filoha amerikana ny 13 ka hatramin'ny 15 desambra 2022, tapaka tamin'izany ny fanamafisana ny fiarahamiasa eo amin'ny Etazonia sy Afrika, indrindra ny mahakasika ireto sehatra ireto:

- ✓ Fanjarian-tsakafo, ao anatin'izany ny fampiroboroboana ny fambolena mifanaraka amin'ny fiovaovan'ny toetrandro, famatsiana ara-tsakafo sy famatsiana zezika, fanatsarana ny taham-pamokarana, **Velirano faha-9, faha 10.**

- ✓ Fanatsarana ny fidiran'i Afrika amin'ny tsenam-barotra amerikana;

- ✓ Tantsoroka eo amin'ny politika afrikana hanatrarana ny fanjarian-tsakafo sy ny fikarohana ho amin'ny fanatsara sy fampitombona ny vokatra, **Velirano faha-9.**

EO AMIN'NY FARITR'AFRIKA SY NY RANOMASIMBE INDIANA COI:

Madagasikara no Filohan'ny Vondron'ny Ranomasimbe Indiana (COI) nanomboka ny volana febroary 2022 ka nifarana ny Mey 2023.

Ireto avy no laharam-pahamehana napetraka tamin'izany:

- Fandriam-pahalemana maro lafy izay mahasahana ny fanjarantsakafo, ny ara-pahasalamana ary ny eny an-dranomasina,
- Fiaraha-miasa ara-ekonomika sy ara-barotra,
- Fanomezan-danja manokana ny tanora eo anivon'ny tetik'asan'ny COI.

Ny zava-bita:

- **Fanjariantsakafo** : anisan'ireo nisitraka fampitaovana sy fanampiana ara-bola ny FOFIFA izay tafiditra indrindra ao anatin'ny tetik'asa SANOI, izay manana tetibola 16 200 000 Euros avy amin'ny Vondrona Eoropeana ; **Velirano faha-9.**

- Nahazo fiofanana amin'ny haitao ara-tsakafo ara-pahasalamana ny vahoaka sy ny mpianatra eo anivon'ny Kaominina 27 eto Madagasikara ; **Velirano faha 14.**

- Kaominina 92 eto Madagasikara dia misitraka ny tetik'asa momba ny teknikam-panjakana; **Velirano faha 9.**

- **Fahasalamana** : Toeram-piterahana miisa 13 no nahazo fampiofanana hanatsarana ny toe-pahasalaman'ny Reny sy ny Zaza izay tratry ny tsy fanjaran-tsakafo ; **Velirano faha-5, faha-9.**

- **Fandriam-pahalemana an-dranomasina** : Fanitarana ny tetik'asa « Maritime Security » - MASE mandritra ny dimy taona manaraka izay miantoka ny fiarovana ny sisin-tanintsika sy ny filaminana an-dranomasina. Anisan'ny tompon'antoka amin'izany ny Foiben-toerana (centre régional de fusion d'information miritime-CRFIM) izay tsiahivina fa niorina teto Madagasikara tamin'ny alalan'ny fairaha-miasa eo anivon'ny COI.

Tsara ny manamarika fa maro ny fanondranana antsokosoko izay tratra raha tsy hilaza afatsy ny taona 2021 (“316 hazan-dranomasina mainty -coraux noirs -, vatosoa tanaty kaontenera valo, sokatra 1024, zava-mahadomelina 2 taonina sy ny maro hafa); Velirano Voalohany.

- **Fiaraha-miasa ara-ekonomika sy ara-barotra:** Misokatra ny fiaraha-miasa vaovao izay mahakasika ny fividianana entana ilaina andavan'andro sy fanafody miaraka ataon'ireo firenena Mpikamban'ny COI. Izany no natao dia ny mba ahazahoana entana mora kokoa ka hampidinana ny vidiny aty amn'ny mpanjifa;

-Maro ny hetsika natao teto Antananarivo mahakasika ny **tetik'asa “Gouvernance, paix et stabilite”** izay nisitrahan'ny Antenimierampirenena, ny mpanao gazety, ny ONG sy ny fiarahamonim-pirenena, ny CENI fiofanana momban'ny fisorohana na ny fiatrehana ny krizy mety hitranga. Anisan'izany ny fanomezan-danja ny anjara toeran'ny vehivavy eo amin'ny sehatra politika izay nandraisana Solombavambahoaka vehivavy anjara. **Velirano voalohany, faha-8.**

- **Diplomasia parlematera:** Madagasikara dia anisan'ny firenena tompon-kevitra ny amin'ny famelomana indray ny vondron'ny parlematera aty amin'ny Ranomasimbe Indiana (AP-COI) ny taona 2022. **Isaorana manokana Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena sy ireo Solombavambahoaka amin'ny fandraisana anjara mivitrika.**

ANA sy BATSIRAI, azo avy amin'ny vondrona SADC taorian'ny antso avo nataon'ny Governemanta tamin'ny volana martsa 2022. **Velirano faha 10**

- Fanampiana mitentina 500 000 euros (**dimy hetsy euros**) azo avy amin'ny vondrona SADC ao anatin'ny tetikasa fiadiana amin'ny VIH/SIDA. **Velirano faha-5**
- Fisitrahan'i Madagasikara famantsiam-bola eoropeana amin'ny alalan'ny fifanarahana « Georgetown » ho an'ireo mpikambana ao amin'ny vondron'ny firenena Afrika, Karaiba ary Pasifika (OEACP) :
 - Tamin'ny Tahirim-bola Eoropeana ho an'ny Fampandrosoana (11^{ème} Fonds Européen de développement FED), dia nahazo famatsiam-bola mitentina 492 tapitrisa euros ho an'ny sehatra maro ho fampandrosoana (làlana,

fampandrosoana ara toe-karena sns) manerana an'i Madagasikara. **Velirano faha-12**

- Fanampiana eoropeana (Aide humanitaire) ho an'ny faritra Atsimon'ny Afrika sy Ranomasimbe Indianina: famatsiam-bola vaovao mitentina 50 tapitrisa Euros. koa 13,3 tapitrisa euros amin'ity fanampiana ity dia natokana ho an'ny Madagasikara.
- Fanampiana azon'i Madagasikara avy amin'ny vondrona afrikana :
 - Tamin'ny 2022 dia nanome vola mitentina 150 000 dolara (dimy alina sy iray hetsy dolara) amerikana ny fanjakana Malagasy ny Vondrona afrikana, ho an'ny mponina iharan'ny "crise humanitaire" nohon'ny fiovaovan'ny toetrandro. Efa azon'ny BNGRC tamin'ny volana febroary 2023
- Tamin'ny aprily 2023 dia nahazo taratasim-bola **1,2 million dolara amerikana (roa hetsy sy iray tapitrisa dolara)** avy amin'ny "African Risk Capacity" (ARC), ho fanampiana ny faritra azon'ny cyclone. **Velirano faha-10**

EO AMIN'NY FIFANDRAISANA MAROLAFY

FANENTANANA NY FIANAKAVIAMBE IRAISAM-PIRENENA

Fanomanana ny fifidianana filoham-pirenena 2023

Fanentanana ny Fikambanana Iraisam-pirenena'i Frankofonia (OIF) sy ny Firenena Mikambana (ONU) mba hanohana ny fandaminana sy ny fandinihana ny fifidianana filoham-pirenena 2023 eto Madagasikara.

Antoka ho an'ny demokrasia sy ny fandriampahalemana ho an'ny vahoaka Malagasy ny fifidianana milamina.

Fiaraha-miasa marolafy:

➤ **UNESCO**

- Madagasikara, Filohan'ny Vondrona Afrikana Atsinanana eo anivon'ny UNESCO.
- Madagasikara, Filoha lefitry ny Biraon'ny Fandaharan'asa Iraisam-pirenena UNESCO ho an'ny Fampandrosoana ny Fifandraisana (IPDC) ho an'ny faritra Afrika Atsinanana;
- Madagasikara, filohan'ny vondron'asa misahana ny fiovaovan'ny toetr'andro.

Marihana fa nahafahana nanamafy ny toeran'i Madagasikara eo anivon'ny sehatra iraisam-pirenena sy nafahana nanohana ireo tetik'asa sy programan'asa mahakasika an'i Madagasikara

➤ **OIF**

- Famoahana soram-piankohonana ho an'ny ankizy miisa 36 000 (enina arivo sy telo alina) avy amin'ny OIF ho ampahany amin'ny tetikasa soram-piankohonana taorian'ny fangatahan'i Madagasikara tamin'ny 4 Mey 2021.
- Ny fanohanana an'i Madagasikara amin'ny fiampitana amin'ny haitao arakajy mirindra: fanomezana "tablette" ho fampiroboroboana ny kalitaon'ny fanabeazana sy ny fanatanterahana ny tetik'asa fanorenana ny "Institut de la Francophonie pour l'Education et la Formation" (IFEFF); **Velirano faha-4**
- "Renforcement du dispositif institutionnel" : fanomezana 261 186 Euros (**manodidina ny enina alina sy roa hetsy Euros**) izay tafiditra ao anatin'ny fandaharana 2019-2022 hofanamafisana ny rafitra mifehy ny fampiasana ny fiteny roa eto Madagasikara (malagasy sy frantsay). **Velirano faha-4**

- Madagasikara dia nahazo tombontsoa avy amin'ny « Fonds de la Francophonie avec Elles », tetik'asa natsangan'ny OIF mba hanampiana ny vehivavy sy ny tovovavy ao anatin'ny toe-javatra sarotra.

OIF dia manome toky fa hanome tantsoroka an'i Madagasikara amin'ny fifidianana filoham-pirenena ho avy.

FAMETRAHANA MPIASA MALAGASY EO ANIVON'IREO FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA

- Fametrahana mpitandro filaminana, polisy ary manamboninahitra zandary ao amin'ny iraka fiarovana ny fandriampahalemana ao amin'ny Firenena Mikambana ; **Velirano voalohany**

- Madagasikara mpikambana ao amin'ny « Comité intergouvernemental pour la protection et la promotion de la diversité culturelle » ; **Velirano faha-4**

- Madagasikara mpikambana ao amin'ny « Commission des Limites du Plateau Continental » (CLPC) ; **Velirano voalohany**

- Madagasikara mpikambana ao amin'ny « Organe International de Contrôle des Stupéfiants » (OICS) ; **Velirano voalohany**

EO AMIN'NY LAFIN'NY FIARAHA-MIASA HO AN'NY FAMPANDROSOANA

Fampiroboroboana ny toe-karena sy fanampiana tosika ny fifandraisana ara-barotra

Ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny dia manampy tosika ireo hetsika entina mampahafantatra ny vokatry Malagasy sy ny Vita Malagasy. Napetraka ireo fampirantiana ny vokatry Malagasy any amin'ny Masoivohon'i Madagasikara any ivelany (« vitrines de Madagascar »). **Velirano faha-7**

Nanamora ny fanaovan-tsonia ireo fifanarahana ara-barotra sy ara-toekarena ny MAE toy ny Fifanarahana eo amin'ny Madagasikara sy Maroc mba ho fanafoanana ny fakan-ketra indroa ho an'ireo orinasa Malagasy sy Marokana. **Velirano faha-7**

Misy ny fandraisana anjara amin'ireo Hetsika Fampirantiana iraisam-pirenena toy ny hetsika fampahafantarana ny fitrandrahana ny Tsenam-barotra Kanadiana (Mission Economique et Commerciale), fampirantiana ara-barotra eo amin'ny firenena Sinoa sy Afrikana (Troisième Exposition Economique et Commerciale) (CAETE-Changsha any Chine). **Velirano faha-7**

Fanatsarana ny fifandraisan'i Madagasikara amin'ireo Mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola

Manohana ny firotsahan'i Madagasikara ho Mpikambana amin'ireo Vondrona iraisam-pirenena misahana ny toe-karena toy ny ECOSOC, ny UIT, ny UPU sns ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny. **Velirano faha-6**

Mifampiraharaha amin'ireo vondrona ireo ny MAE mba hahavitan'ireo fifanarahana eo amin'ny roa tonta. (Ohatra: fifanarahana eo amin'ny ONUDI sy Madagasikara).

Manao ezaka rehetra ny Minisitera mba hanatsarana hatrany ny fifandraisana amin'ireo Mpiara-miombon'antoka amin'ny fampandrosoana toy ny FMI, ny Banque Mondiale, sy ireo ratsa-mangaika ny Firenena Mikambana.

Ny anjara biriky entin'ny MAE ho fanampiana ny sehatra tsy miankina

Ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny dia nanampy amin'ny fitadiavana fiaraha-miasa amin'ny any ivelany mba hanampiana tosika ny sehatra tsy miankina ary miara-miasa tsy tapaka miaraka amin'ny Minisitera mpiahy ny sehatra tsy miankina (MICC).

Nisy ny hetsika maro samihafa ho fampifandraisana ireo Orinasa sy Mpandraharaha Malagasy amin'ireo Mpandraharaha vahiny (B2B) iarahana amin'ireo Masoivoho Malagasy any ivelany (Journées internationales des Régions)

Ny Masoivohon'i Madagasikara any ivelany dia nanampy amin'ny fitsirihana lalam-barotra, ny fampitana ny vaovao mahakasika ireo tsenam-barotra any ivelany, ny famporisihana ny fizahan-tany sy ny fisintonana famatsiam-bola vahiny eto Madagaskara. Orinasa mihoatra ny 120 no efa nifandray tamin'ny Minisitera (tao anatin'ny roa taona) mba hiara-miasa amin'ny Orinasa Malagasy na hampiasa vola eto Madagasikara.

Velirano faha-7

- Fandraisana anjara an'ireo orinasa avy atsy La Réunion tarihin'ny « Club Export Réunion » tamin'ny « Foire Internationale de Madagascar ». **Velirano faha-7**
- Fitsidihana Hataon'ny Lehiben'ny Faritra La Réunion amin'ny volana Jona 2023 ho avy izao harahina fanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa. **Velirano faha-12.**
- Fiaraha-miasa amin'ireo Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana (Organisations Non-Gouvernementales) na ONG.
 - Fanomezan-dalàna vaovao (accord de siège) miisa 21.
 - Fanavaozana fanomezan-dalàna miisa 32.

Fampandraisana anjara ny Malagasy Ampielezana amin'ny fampandrosoana

- Fifanarahana famatsiam-bola tetik'asa TADY (Tantsoroka hoan'ny Diaspora) vatsian'ny AFD mitentina 7 tapitrisa Euros.

- Famoahana ny vokatra ny fikarohana momba ireo toetoetry ny Malagasy ampielezana, malagasy any Frantsa sy Soisa niarahana tamin'ny ICMPD (International Center For Migration Policy Development).

- Ny fahavitan'ny fanadihadiana ara-teknika momba ny fahafahan'ny Malagasy ampielezana mandray anjara amin'ny fifidianana niarahana tamin'ny ICMPD.

- Fampodiana ireo mpianatra Malagasy tavela tany Soudan niarahana niasa tamin'ny "Union des Comores" sy ny Fanjakan'i Arabie Saoudite.

- Famolavolana momba ny fifindramonina arak'asa eo amin'ny firenena roa tonta amin'ny alalan'ny ABT (Accord Bilateral sur le Travail) niarahana tamin'ny firenena Komoriana.

- Fiverenan'ny fisokafan'ny "section consulaire" eo anivon'ny masoivohon'ny "République Fédérale d'Allemagne" vokatra ny fangatahana manokana nataon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

Eto dia manolotra ny fisaorana manokana an'ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny fanohanana ny fampandraisana anjara amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara.

Isaorana manokana ihany koa ianareo eto anivon'ny Antenimierampirenena amin'ny fandraisana anjara mavitrika amin'ny fifandraisana iraisam-pirenena an'i Madagasikara amin'ny alalan'ny diplomasina parlemantera.

Fiaraha-miasa amin'ny PAM (Programme Alimentaire Mondial) ny taona 2022.

- Isan'ny mpahazo tombontsoa : Malagasy 2 800 000 (valo hetsy sy roa tapitrisa ka ny 51% dia vehivavy.

- Sakafo nozaraina : 84 000 tonnes (efatra arivo sy valo alina).
- Vola nozaraina tamin'ny tokantrano sahirana : 21 tapitrika dolara.
- Fitambaran'ny fanampiana : 196 tapitrisa dolara.

Fiaraha-miasa amin'ny FIDA (Fonds International de Développement Agricole : mamatsy vola ny fampiroboboana ny sehatry ny fambolena) Fanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa miaraka amin'ny FIDA momba ny :

- Tetik'asa miisa 18 mahasahana ny fampandrosoana eny ambanivohitra.
 - Mitentina 1,5 lavitrisa dolara.
 - Tokantrano 1 014 600 (manodidina ny iray tapitrisa) no mpahazo tombontsoa.
- Fanohizana ny fanampiana ataon'ny FIDA ireo tetik'asa efa mandeha ny 23 janoary 2023.
 - hoan'ny fe-potoana 2023-2030.
 - Mitontaly 120 tapitrisa dolara ka ny fandraisan'anjaran'ny Governemanta Malagasy dia 9 tapitrisa dolara.

Fiaraha-miasa amin'ny USAID ary tanterahan'ny Sampandraharahan'ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana na PNUD (Programme des Nations Unies pour le Développement)

- Fandaharan'asa RINDRA mitentina 15 tapitrisa dolara (Fampiofanana amin'ny lafiny fitantanana ireo Kaominina) **velirano faha-12.**

Fiaraha-miasa amin'ny « Système des Nations Unies » :

- Fanombohan'ny Tetikasa Vonjy Voina na « Projet Conjointes d'Urgence »
- Mitentina **8 tapitrisa dolara**
- Mahakasika **mponina 336 000 (enina arivo sy telo alina sy telo hetsy)**

UIT: fahazoana famatsiam-bola hoan'ny Minisiteran'ny Paositra amin'ny tetikasa izay hanitarana ny “numérisation” avy amin'ny “Union Internationale des Télécommunications” nandritra ny fivorian'ireo Firenena Sahirana Ara-pandrosoana ny martsa teo. **Velirano faha-11**

- Tetikasa 31 avy amin'ny faritra 6: Analamanga, Analanjorofo, Itasy, SAVA, Vakinankaratra, Vatovavy, Fitovinany no nitadiavana fiaraha-miasa amin'i Maroc.
- Fanaovana sonia ny fifanaraha-piaraha-miasa amin'ny Faritra Matsiatra Ambony sy ny tanan'i Zibo, any amin'ny Repoblika Entim-bahoakan'i Chine
- Fanatanterahana ny andro Iraisam-pirenena ho an'ny faritra na “Journées Internationales des Régions» na JIR tany amin'ny Faritra Vakinankaratra sy Ihorombe. **Velirano faha-12**
- Vokatra azo avy amin'ny Andro Iraisampirenena ho an'ny Faritra na « Journées Internationales des Régions » na JIR
- Fanavaozana ny Drafy-pandrosoana ny Faritr'Itasy (Plan de Développement Régional » niarahana tamin'ny sampan-draharahan'ny Firenena Mikambana na PNUD
- Famolavolàna ny Drafy-panajariana ny Valan-java-boaharin'Ampefy (Plan d'Aménagement du Parc Botanique d'Ampefy)
- Fanofanana ireo mpiantsehatra ara-toe-karena tao amin'ny Faritr'i Sofia tamin'ny « plateforme MadaClic » tantanan'ny orinasan'ny Diaspora iray any Frantsa. MadaClic dia tranokala fivarotana eo amin'ny tsena iraisam-pirenena

- Fanovàna ho « nomerika » ny sora-piankohonana ho an'ny Kaominina an-dRenivohitra Antananarivo. **Velirano faha-12**
- Fiaraha-miasa amin'i La Réunion:
 - Fihaonana sy fanentanana ireo mpandraharaha miisa 16 tatsy La Réunion ny taona 2022.
 - Fanatrehana ny fankalazàna ny faha-40 taonan'ny Région Réunion
 - Voka-tsoa tamin'izany dia : fitsidihana sy fitsirihana fiaraha miasa nataon'ireo orinasa 2 avy atsy La Réunion.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa SYLLA Yvette, Minisitry ny Raraham-bahiny, tamin'ny tatitra nataony, Andriamatoa Filoha, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ka ny Alakamisy 25 May 2023, amin'ny 10 ora, maraina, hisy tatitry ny asa vita hataon'ny Minisiteran'ny Harena ankibon'ny tany sy ny Loharanon-karena Stratejika. Amin'ny 3 ora, hariva, hisy tatitry ny asa vita hataon'ny Minisiteran'ny Asa, ny fampananan'asa, ny Asampanjakana ary ny Lalàna Sosialy, Ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Industria sy ny Varotra ary ny Fanjifana, ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta, ary nanamarika fa tokony mbola hanao tatitra ny Mpitahiry ny Tombo-kaseam-panjakana, Minisiteran'ny Fitsarana sy ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana raha ny fandaharam-potoan'ny Antenimierampirenena no jerena.

Namaly, Andriamatoa Filoha, efa tapaka tamin'ny fivoriana ny maraina teo fa hihemotra ny Talata 30 May 2023 ny fanaovan'ireo Minisitera roa ireo ny tatitry ny asa vitany.

Niato tamin'ny 4 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona